

Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

# FANOMEZANA lehibe avy amin' Andriamanitra



Indray andro izaho sy Rahavavy Nelson dia nahita trondro avy amin'ny faritry ny zanapehintany tao anaty aquarium. Nilomano haingana sy nivezivezy mandroso sy miverina ireo trondro mazava loko ary amin'ny habeny sy endriny samihafa. Nanontaniako ny mpiasa iray teo akaiky teo hoe: "Iza no manome sakafo an'ireto trondro mahafinaritra ireto?"

"Izaho" hoy izy.

Dia nanontany aho avy eo hoe: "Efa mba nisaotra anao ve ireo trondro ireo?"

"Tsia!" hoy izy.

Ny olona sasany dia tahaka ireo trondro ireo. Tsy mahafantatra an' Andriamanitra sy ny fahatsarany amin'izy ireo izy ireo. Tena ho tsara kokoa ny zava-miseho raha toa isika ka tonga saina amin' ilay hery sy fitiavan' Andriamanitra ary maneho izany fankasitrahana izany Aminy.

## Feno fankasitrahana noho i Jesoa Kristy

Nalefan'ny Ray any An-danitra mba ho teraka ety antany i Jesoa Kristy Zanany Lahy. Nataony izany satria tia antsika fatratra tokoa Izy.

Tonga mba **hanavotra antsika** i Jesoa.

Noho ny **Sorompanavotany**, dia afaka ny hitsangana amin'ny maty isika aorian'ny fahafatesana.

Noho ny Sorompavotany dia afaka miverina miaramiaina amin'ny Ray any An-danitra indray isika.

Nanazava i Jesoa hoe:

"Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy na dia maty aza mbola ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay" (Jaona 11:25–26).

Izany no hafatra mahafinaritry ny Paska! ●

**manavotra:**
manefa ny fahotantsika mba hahafahantsika miverina any amin' Andriamanitra

**Sorompanavotana:**
rehefa nijaly noho ny fahotantsika i Jesoa tao amin'ny Sahan'i Getsemane ary maty teo amin'ny hazofijaliana tany Kalvary..

*Avy amin'ny "Isaorana Andriamanitra,"* Liahona, *mey 2012, 77–80.*